
# Mahazo fahavitrihana ara-panahy amin'ny alalan'ny fifehezana fotopampianarana




Alaovy sary an-tsaina hoe ianao ilay mpitondra bisikileta ary ilay lalana dia maneho ny fiainanao. Mety ho tsikaritrao ny fahitsian'ny ampahany voalohany amin'ny lalanao, saingy avy eo ianao dia mifanehitra amina sakana sy firaika izay mitaky ezaka be kokoa ny fandresena azy. Eritrereto ilay fahavitrihana ara-panahy ilainao hihetsehana amim-pahombiazana eo amin'ny fiainana sy ireo sakana sy zava-tsarotra mety iainanao.

Halalino ilay andian-teny manan-danja fifehezana fotopampianarana nianaranao, ka mitadiava andininy izay mifandray amin'ny dianao manokana. Soraty eo akaikin'ny tarehimarika mifandray aminy eo amin'ny sary nataonao ny toko sy andininy amin'ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay nanampy na afaka manampy anao:

1. Mihazòna fahavitrihana sy fandrosoana ara-panahy isan'andro.
2. Ialao na reseo ny sakana iray rehefa mino sy mampihatra ilay fahamarinana ampianarin'ilay andalan-tsoratra masina ianao.
3. Ampiasao ny herin'ny Mpamonjy ary mitsangàna hanatratra ny tanjonao ara-panahy.

Ho an'ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana tsirairay nosafidianao sy nampidirinao tao amin'ny sary nataonao, dia raketo an-tsoratra ny eritreritrao momba ny iray farafahakeliny amin'ireto hevitra manaraka ireto:

- Zavatra niainana iray nahatsapanao ny fahamarinana sy ny maha-zava-dehibe ilay andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana.
- Ny fomba ahafahanao mampihatra tsara kokoa ny fotopampianarana na ny fitsipika ao amin'ilay andalan-tsoratra masina eo amin'ny fiainanao.
- Ny antony ahatsapanao fa hanome anao ny herin'ny Mpamonjy sy hampitombo ny fahavitrihanao ara-panahy io andalan-tsoratra masina io.
- Ny fomba nampitomboan'ilay fotopampianarana ny fitiavanao ny Ray Any An-danitra sy i Jesoa Kristy.

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD60013873_654_385-teacher_handout-1